



REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fivavaha - Tanindrazana - Fandrosoana



**REPOBLIKA FAHAEFATRA
FE-POTOANA FANAOVAN-DALANA FAHAROA**

**FOTOAM-PIVORIANA ARA-POTOANA VOALOHANY
TAONA 2021**

DIRECTION DE LA LEGISLATION

SERVICE DES PROCES-VERBAUX
ET DES COMPTES-RENDUS ANALYTIQUES

FAMINTINANA NY FIVORIAMBE

LAHARANA FAHA-149

**FANDINIHANA SY FANDRAISANA FANAPAHAN-KEVITRA MIKASIKA NY VOLAVOLAN-
DALANA LAHARANA FAHA-011/2021 TAMIN'NY 9 JONA 2021,
MIKASIKA NY TETIBOLAM-PANJAKANA NASIAM-PANITSIANA, TAONA 2021**

Fivoriana Faha-29
Natao ny
Talata 29 Jona 2021
- Tolak'andro -

FIVORIAMBE

FILOHA: Ramatoa RAZANAMAHASOA Christine Harijaona

MPITANTSORATRA: Andriamatoa HENRI Jean Michel

FOTOANA: Talata 29 Jona 2021, tamin'ny 3 ora sy 10 minitra, tolak'andro.

FANDAHARAM-POTOANA: Fandinihana sy fandraisana fanapahan-kevitra momba ny volavolan-dalàna laharana faha-011/2021 tamin'ny 9 Jona 2021 mikasika ny Tetibolam-panjakana nasiam-panitsiana, taona 2021.

Nitohy ny Talata 29 Jona 2021, tamin'ny 3 ora sy 10 minitra, tolak'andro, ny fivorian'ny Antenimierampirenena.

Ramatoa RAZANAMAHASOA Christine Harijaona, Filoha no nitarika izany.

Rehefa avy niarahaba ny mpivory, Ramatoa Filoha dia nanamarika, fa fivoriambe azon'ny besinimaro atrehina mivantana (présentielle) sy amin'ny alalan'ny fampitana amin'ny tambazotra (virtuelle) no hotanterahana androany. Raha adika, nakambana izy roa ireo na ny antsoina hoe: "réunion hybride", ka samy afaka mandray anjara daholo ny Solombavambahoaka manatrika mivantana ny fivoriambe na ireo any amin'ny toerana misy azy amin'ny alalan'ny fampiasana tambazotra.

Taorian'izay, nampahatsiahy ny fanadaharam-potoana araka ny voalaza etsy ambony, Ramatoa Filoha ary niarahaba ny rehetra nahavita ny fankalazana ny faha-26 Jona, fetim-pirenena Malagasy ihany koa.

Rehefa izay, niangavy ny Mpitantsoratra hanao ny fiantsoana anarana, Ramatoa Filoha. Andriamatoa HENRI Jean Michel no nanatanteraka izany, ka ny Solombavambahoaka tao anaty efitrano fivoriana aloha no nanombohana izany, avy eo vao ny Solombavambahoaka mampiasa tambazotra.

Taorian'izay, nomarihany koa, fa mandeha mivantana amin'ny "facebook" ny fivoriana tanterahana androany ary homen'ny teknisiana misahana ny Informatika ato amin'ny Antenimierampirenena amin'ny fotoana mahamety azy ny fanamariham-pahatongavan'ny Solombavambahoaka manatrika ny fivoriana.

Rehefa izany, niangavy ny Mpampakatenin'ny Vaomieran'ny Fitantanam-bola sy ny Tetibola, Ramatoa Filoha, mba hamaky ny tatitry asam-baomiera momba ny Tetibolam-panjakana nasiam-panitsiana, taona 2021.

Nanatanteraka izany, Andriamatoa RAFIDIMANANA Narson, ka toy izao no fivakiny:

Nivory ny Zoma faha-25 Jona 2021 tamin'ny 3 ora tolak'andro; ny Sabotsy faha-26 Jona 2021 maraina sy hariva; ny Alahady faha-27 Jona maraina sy hariva ary ny Alatsinainy faha-28 Jona 2021 maraina sy hariva, ny Vaomieran'ny Fitantanam-bola sy ny Tetibola, ny Vaomieran'ny Fanombanana ny Politikam-panjakana ary ny Vaomieran'ny Toekarena sy ny Fanaovana ny Tetipivoarana nandinika ny Volavolan-dalàna laharana faha-011/2021 tamin'ny 9 Jona 2021 «**portant Loi de Finances Rectificative**».

Andriamatoa ANDRIAMIASASOA Doda Nirimboavonjy, Filohan'ny Vaomieran'ny Fitantanam-bola sy ny Tetibola no nitarika ny fivoriana.

Ireto avy ireo Solombavambahoaka mpikambana ao amin'ny Vaomieran'ny Fitantanam-bola sy ny Tetibola tonga nanatrika ny fivoriana;

Ramatoa sy Andriatoa isany:

1. ANDRIAMIASASOA Doda Nirimboavonjy
2. ANDRIAMIATRIKARIVO James Pierrot
3. NARISON Rafidimanana
4. HENRI Jean Michel
5. ANDRIANAMBININA Djohary Lee
6. RAZARA Pierre Fidèle
7. RANDRIAMANAMPISOA Alfred
8. RAZAIHARIMALALA Fiainantsoa
9. VONINAHITSY Jean Eugène
10. RAKOTOARISOA Johnny

Ireto avy ireo Solombavambahoaka mpikambana amin'ny Vaomieran'ny Fanombanana ny Politikam-panjakana nanatrika ny fivoriana;

Andriamatoa isany sy Ramatoa isany:

1. JOHASY Eléonore
2. RAZAFINDRIATSARA Jonhson Anatol
3. VELOMAHAZO Patrice

Tsy tonga niatrika ny fivoriana ireo Solombavambahoaka mpikambana amin'ny Vaomieran'ny Toekarena sy ny Fanaovana ny Tetipivoarana.

Ireto avy ireo tsy mpikambana ao amin'ny Vaomiera tonga nanatrika ny fivoriana,

Andriamatoa sy Ramatoa isany:

1. ZAFINANDRO Perle Bien Aimée
2. RAZAFIMANANTSOA Lobo Hanitriniaina
3. RAKOTOMANJATO Rodin
4. RAHERIARJAONA Regina Clarisse
5. RANDRIANATOAVINA Jean Martin

Ireto avy ireo teknisiana avy amin'ny Governemanta,

Andriamatoa sy Ramatoa isany:

RABARINIRINARISON Rindra	SG/MEF
RATOVOHARIVONY Mihamina	DIRCAB/MEF
RAMIANDRISOA Olivier	DGEP/MEF
GERMAIN	DGI
LAHIKAMA Zafivanona Ernest	DGD
ROMALAHY Isaora Zefania	DGINSTAT
RAZAFY Harison Vonjy	DGARMP/MEF
RANJALAHY Ihaja	DGT
RANDRIANARISON Sitrka Tsitohaina	PCNM
RAMANAMPANO HARANA Andry	PCSC

RAHARIJAONA Dina	DGI/DLFC/SL
RAKOTOBÉ Harilalaina Tahina	DGT/DE/SSAE
RANDRIANIRINA Hanitra Olivia	DGT/DE
RANDRIAMAROLAFY Odile	DGT/DE/SSAE
ARTHUR Florent	DGI/DITEC/SRS
RANDRIAMBOLOLONA Rija Tiana	DGI/DITEC/SRS
TSIENGENY Jocelyn	DGFAG/DGEAE
RANAIVOZANANY Jerry	MEF/DGFAG/DB/SSB
ANDRIANABY	DGEP/DEME
RAKOTOARIHANTA Andriantsilavo	DGFAG/DB/SSB
ANDRIANOMANANA Razafindramavo	DGFAG/DB/SSB
MIHAJAHERIZAH Paola	DGFAG/DB/SSB
RASENDRA Jo Amigo	DGFAG/DB/SSB
RAJAONARISON Njakanasandratra	DGEP/DEME/SME
RAKOTOMALALA Kiady Itokiana	DGFAG/DB/SSB
AINANIRINA Eric	DGD/DLK/SLR
RAJONSON Zaratiana Finaritra	DGFAG/DB
RAKOTOARIMIHANTA Andriatsilavo	DB/SSB
RAKOTONDRAMANANA Onja Miandry	DLFC/DGI/MEF
RAKOTO A. Dimby	DGEP/DEME
RAZAFINDRAVONY Thierry José	DGD/DLV
ANDRIANARY R. Josué	DGGP/DEME
RASENDRASON Miarintsoa Hasimihaja	DGEP/DEME/SPCM
RAHAJAMANANA Jasmin	DGFAG/SGGAE
ANDRIAMARO Rija Tiarison	DGFAG/DGBAE/SGGAE
RAOELINA A. Soafara	DGFAG/DB/SSPI
RAKOTOSON N. Sitraka	DGFAG/DB/SSSA
RASOLOMAMPIONONA Vola Sicia	DGFAG/DB/SSSA
RAKOTOZANANY Fidilala	DGFAG/DB/SSSA
RANDIMBIARISOA Oliva	DGFAG
ANDRIAMITANTSOA Vero Harivola	DGFAG/DB/SSSA

Rehefa avy niarahaba ny mpivory Andriamatoa Filoha dia nomeny avy hatrany ny teknisiana ny fitenenana.

Taorian'ny fialan-tsiny noho ny tsy fahatongavan'Andriamatoa Minisitry ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola dia nambaran-dRamatoa Sekretera Jeneraly, fa mihaino ny fanovàna hatolotry ny Vaomiera izy ireo satria zo feno ananany izany ary vonona ny Minisitera amin'ny famaliana izany. Rehefa izany dia niroso tamin'ny fanazavana ny lafiny ara-toekarena ny teknisiana avy ao amin'ny Minisiteran'ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola.

Nambarany fa niovaova ny lafiny ara-toekarena teo anelanelan'ny LFI sy ny LFR. Hita araka izany, fa niiba 5,7% ny harin-karena tamin'ny taona 2020 araka ny tarehy marika ofisialy voaray, ka ny sehatra taozava-baventy na "secteur secondaire" no tena latsaka vokatry ny fisian'ny andiany faharoa tamin'ny valan'aretina "COVID-19" izay tsy tafiditra tao anatin'ny kajy tamin'ny LFI, ka niteraka fisalasalana tamin'ny fandraharahana ara-toekarena. Nisy fihemorana ihany koa ny fitrandrahana sy ny fanondranana.

Ohatra ny fitrandrahana ao Ambatovy izay tokony hiverina hisokatra tamin'ny volana Febroary 2021 kanefa nihemotra volana Martsa 2021 indray; na dia izany aza, nihazakazaka be ny "activités minières" tato ho ato satria raha 1400 taonina ny "nickel" naondrana ny volana Aprily 2021 dia nahatratra 4500 taonina izany ny volana Mey 2021.

Raha 3000 taonina ny "graphite" noeritreretina dia nitombo 6000 taonina izany noho ny filàna azy io noho ny famokarana fiara mandeha amin'ny herin'aratra, ka nahatratra 169,7% izany filàna izany tany Eoropa. Hita ihany koa fa niakatra be ny "frêt maritime".

Araka ny kajikajy natao dia raha 4,5% ny fiakaran'ny tahan'ny harin-karena tamin'ny LFI 2021, nidina 4,3% izany amin'ny LFR 2021.

Mikasika ny "croissance sectorielle":

- "Primaire" : niakatra 3,6%;
- "Secondaire": niakatra 10,0%;
- "Tertiaire" : niakatra 4,1%

Mikasika ny "Taux de croissance":

- Taona 2019: PIB 4,4%
- Taona 2020: PIB -5,7% ;
- Taona 2021: PIB 4,3%

Ny fitomboan'ny harin-karena eo amin'ny sehatra iraisam-pirenana izay navoakan'ny FMI dia eo amin'ny 6,0% tamin'ny taona 2021 raha toa 4,3% izany ho an'i Madagasikara. Tsy niova firy ny fiakaran'ny vidim-piainana tamin'ny taona 2020 fa niakatra kosa izany ny taona 2021 noho ny fiakaran'ny tinady. Tamin'ny faran'ny volana Martsa 2021 dia 5,8 volana ny tahirimpanakalozana amin'ny sanda mitovitovy na ny «réserves de change», raha 4,4 volana izany tamin'ny taona 2020.

Raha ny hita ao anatin'ny «cadrage de la LFR 2021», ny tanjona dia ny hiakaran'ny harin-karena ho 4,3%, ny «Taux de Pression Fiscale» dia 10,9% tamin'ny LFI 2021, lasa 10,7% izany amin'ny PLFR 2021.

Ny «Déficit Budgétaire» dia niiba 5,6% tamin'ny LFI 2021 ary niiba 6,5% amin'ny LFR 2021. Ny tanjona amin'izany dia ny hahatrarana ny fitomboan'ny harin-karena ho 8% amin'ny taona 2023.

MOMBA NY VOLA MIDITRA (RECETTES)

Tamin'ny taona 2020 dia nahatratra 2757 Miliara Ariary ny vinavina ary 2710 Miliara Ariary no tratra. Ny taona 2021, volana Janoary hatramin'ny volana Mey dia 83,68% no vita.

Noho ny hamehana ara-pahasalamana dia natao ny fahafahana mizara ny fandoavan-ketra.

Mikasika ny "arriérés fiscaux", raha 152 Miliara Ariary no tanjona hotratrarina dia 86,4 Miliara Ariary no efa azo, izany hoe 56,85%. Ny fiakaran'ny "Taux de Pression Fiscale" dia 0.312 foana hatramin'izay isan-taona, amin'ity taona 2021 ity dia 1.39.

Raha ny hetra anatin'ny no jerena dia nisy fidinan'ny LFI izay nahatratra 3747 Miliara Ariary, ka lasa 3486 Miliara Ariary izany. Izany hoe, nisy fidinany 7% noho ny fiantraikan'ny «COVID-19». Ny LFR dia tsy nahitana famoronana hetra vaovao. Tsy nisy ihany koa ny fampiakarana ny "taux d'impôt", fa ny "sécurisation de recettes" sy ny fanatsarana ny "service" omena ny mpandoa hetra no natao.

Nojerena manokana ireo orinasa noho ny fisian'ny «COVID-19», ka nisy ny fanamboarana tetiandro hahafahan'izy ireo mandoa ny hetrany. Ohatra, ny sehatry ny fizahan-tany sy ireo sekoly tsy miankina, ny hetra tokony haloa amin'ny taona 2021 dia hahemotra amin'ny taona 2022.

Niangavy ny hiatohan'ny Mpampakateny tamin'ny tatitra nataony, Ramatoa Filoha, teto ary nanambara fa sao mbola ny tatitra taloha izao vakiany izao.

Noho izany, nomena an'Andriamatoa Mpampakateny ny tatitra vaovao, ka toy izao ny tohin'izany.

Nisy ihany koa ny fanovàna anarana, ka ny "Taxe sur le Marché Public" (TMP) dia novaina ho «Impôt sur le Marché Public» (IMP). Nohatsaraina ihany koa ny «Impôt Synthétique».

Hisy ny fanavaozana izay hametahana «timbre» na «code barre» amin'ny alikaola sy ny sigara mikasika ny «droit d'accise». Nampiakarina ho 600 Ar/litatra ny «droit d'accise» amin'ny labiera ary noferana ho 3750 Ar/litatra ho an'ny alikaola nafarana. Tsy dia nisy ny fepetra noraisina mikasika ny TVA.

Ny "Fluor" sy ny "Iode" dia napetraka amin'ny tena "nom générique", ka lasa ho "Fluorure de potassium" sy "Iodate de potassium". Nohamaivanina ny sazy voalaza ao amin'ny "Dispositions communes".

MIKASIKA NY FADINTSERANANA (DOUANE)

Amin'ny ankapobeny raha momba ny Fadintseranana dia ao amin'ny "Code de Douane" no tena nitondrana fanatsarana. Efa tafiditra amin'ny fanomanana ny LFI 2022 rahateo ny hanaovana "remise à niveau du tarif douanier" izay ahafahana mijery manokana ny «tarif»; na izany aza amin'ity LFR ity dia vokasik'izany fanitsiana izany ny savony sy ny vovotsavony izay tataovana haba 20% raha toa 5% izany teo aloha satria noraisina ho toy ny vokatra voahodina na «produits finis» ihany izy ireny.

Mialoha ny hidirana amin'ny antsipiriany dia tsara ny mampahatsiahy, fa ny fampidiran-ketra eo anivon'ny Fadintseranana dia miankina amin'ny habetsahan'ny fanafarana entana izay kitro ifaharan'ny fampiakarana ny fidiram-bolan'ny Fadintseranana. Ankoatran'izay, ny krizy ara-pahasalamana izay niteraka ny fidinan'ny harinkarena ho 5,7% dia nisy fiantraikany mivantana tamin'ny fanafarana entana, ka nampidina ny fampidiran-ketra. Nahakasika ny sokajin'entana rehetra io fidinan'ny fanafarana io ka:

- 5% ny fihenany fanafarana ny «biens de consommation alimentaire»
- 18% ny «équipement»
- 39% ny akora fototra
- 18% ny vokatra voahodina.

Noho ireo karazan'entana ireo izay be mpanafatra dia mipaka mivantana any amin'ny toekarem-pirenena ny fidinan'ny fanafarana izany.

Manarak'izay, nisy fihenany 19% ny fanafarana ny «produit pétrolier» raha toa nihena 37% ny TVA azo avy amin'izany. Ireo fihenana ireo dia heverina fa vokatra ny fikatonan'ny sidina sy ny fihenany fanjifana solika noho ny valan'aretina sy fihibohana izay nolalovantsika. Hatramin'izao, mbola ambany dia ambany ny tahan'ny fanafaran'entana vokatra ny krizy.

91%-n'ny tahan'ny fampidiram-bola hatramin'ny volana Mey 2021, ka toy izao kosa ny fitsinjaran'izany fampidiram-bola izany:

Nature des droits et taxes	Part dans les recettes douanières	Montant (En Milliers d'Ariary)
Droit de douane	23,0%	653 416 000
TVA	51,7%	1 471 234 000
Droit de navigation	0,0%	1 225 000
Taxe sur les produits pétroliers	10,6%	302 717 000
TVA sur les produits pétroliers	14,7%	417 408 000
TOTAL GENERAL	100%	2 846 000 000

Mandrampiangry ny fanitsiana atao amin'ny "tarif douanier" amin'ny LFI 2022 dia ny "Code Douanier" no ezahina asiana fijerena manokana.

Ireto teboka vitsivitsy ireto no tsara asiana resaka amin'izany:

- Hitondrana famaritana mazava ny momba ny "mesures correctives commerciales" na ny «droits de douane additionnels» izay hahafahana miaro ireo mpandraharaha.
- Toy izay koa ny «personnes habilitées à déclarer» izay tsy maintsy ny "Transitaire" nahazo fanofanana avy amin'ny Fadintseranana sy efa nanao «engagement» no afaka manao «déclaration».
- Mikasika ny «régime économique» dia ampiasaina ny teknolojia, ka efa azo atao ny mikirakira ny «déclaration» any amin'ireo birao rehetra izay akaiky ny mpandraharaha mba hahafahana miaro ny fampidiram-bolam-panjakana sy hanamaivana ny asa fandraharana.
- Nohatsaraina ihany koa ny «admission temporaire»
- Mikasika ny «régime de l'entrepôt de douane» dia nohamaivanina koa ny dingana arahina.
- Ny fanatsarana sy fanamafisana ny fanaraha-maso ihany no hahafahana miaro sy mampiakatra ny fampidiram-bolan'ny Fadintseranana.
- Nisy fanitsiana ihany koa amin'ny «tarif», ka fanadiovana no tena natao tamin'ireo izay manjavozavo na koa nahitana fahadisoana. Koa amin'ireo 18 000 «ligne tarifaire» izay eo am-pelan-tànana dia ezahina ny hamita izany miandalana araky ny sokajiny avy. Voakasik'izany ohatra ny fanavahana ny «classement tarifaire» ireo fitaovana lehibe vaovao sy efa niasa na «engin neuf et occasion».

Toy izany koa ireo savony vovony sy ranony izay noraisina toy ny vokatry voahodina, ka tataovana hetra 20%. Ireo fanitsiana ireo dia heverina fa hamokatra 4 Miliara Ariary eo ho eo.

MAHAKASIKA NY FANDANIAM-BOLA (DEPENSES)

Eo amin'ny lafiny fandania ny volam-panjakana dia anisany antony lehibe nanaovana ity Lalàna mifehy ny Tetibolam-panjakana nasiam-panitsiana ity ny fidinan'ny tahan'ny harin-karena ho 4,3% amin'ny LFR 2021 raha toa 4,5% izany tamin'ny LFI 2021. Izany dia miteraka fidinana - 414,3 Miliara Ariary amin'ny tetibola entina miasa.

Anisan'ny mampiavaka ity LFR 2021 ity ireto teboka manaraka ireto:

- Ny fanitsiana natao teo anivon'ny JIRAMA;

- Ny fanitsiana mikasika ny resaka fisotroan-dronono, satria iaraha-mahalala ny zavatra misy amin'izy ireo noho ny fatiantoka any amin'ny 420 Miliara Ariary isan-taona. Raha tsy misy ny fepetra raisina amin'izany dia hitombo any amin'ny 600 hatramin'ny 700 Miliara Ariary izany afaka taona vitsivitsy;
- Ny fiakaran'ny fatiantoka amin'ny Tetibola (déficit budgétaire) niakatra 6,5% amin'ny PIB amin'ny LFR 2021 raha toa 5,5% amin'ny PIB ao amin'ny LFI 2021;

Ireto manaraka ireto kosa ny fanovàna goavana amin'ity LFR 2021 ity. Ho tohin'ny ezaka izay efa nataon'ny Fanjakana tamin'ny LFI 2021 izay nampisitrika ny ECD voasoratra tao amin'ny «Budget de fonctionnement» tany amin'ny «caisse de retraite public» dia anjaran'ny ECD izay voarosatra ao «Budget d'investissement» indray izao no mifandray any amin'ny “caisse de retraite”. Izany dia anisan'ny fepetra noraisina, mba hanampiana ny “caisse de retraite” satria anisan'ny mandoa latsakemboka any amin'ny CNaPS ireo ECD ireo, ka manomboka amin'ity LFR 2021 ity dia any amin'ny «caisse de retraite public» izy ireo no mandoa latsakemboka.

Na teo aza ny fanapahan-kevitra izay noraisina tamin'ny Filankevitry ny Minisitry izay nanokana 14 Miliara Ariary ho fandoavana jiro sy rano eo amin'ireo Minisitry aty amin'ny MEF dia hita fa tsy ampy izany. Tamin'ny taona 2019 izy io dia nitentina 16 Miliara Ariary ny fitambarany. Amin'izao fotoana izao kosa, lasa nihena ho 14 Miliara Ariary izany, ka miteraka trosa ho an'ny «Administration» rehefa tsy voaloan'ny Minisitry ara-dalana. Manomboka amin'ity LFR 2021 ity dia nanapakevitry ny Filankevitry ny Minisitry, fa avondrona amin'ny «dépenses transversales» ny fandoavana ny jiro sy rano ho an'ireo Minisitry sy ny Andrimpanjakana rehetra.

Ny «Nouveau Projet d'Emergence (NPE)» izay napetraka tamin'ny Tetibolan'ny Minisitry tsirairay avy nandritra ny LFI 2021 dia tsy mbola nampiasaina daholo ireo «crédit» ireo ary napetraka ao amin'ny «dépenses transversales». Miankina amin'ny fandrosoan'ireo Minisitry ny tetikasa izay hovatsiana vola no hampiasana azy. Nomena laharam-pahamehana tanteraka ny mikasika ny sehatry ny ara-tsosialy izay mitentina 203,5 Miliara Ariary.

Amin'ity LFR 2021 ity, rehefa naravona ny «demande de crédit complémentaire»-n'ny Minisitry tsirairay dia mitentina 1400 Miliara Ariary kanefa iarahana mahita, fa na ny vola miditra entina miasa aza dia nihena.

Raha ny JIRAMA dia nisy fiakarana 259 Miliara Ariary ny fampandehanan-draharaha sy ny fampiasam-bola hoenti-mamokatra.

Eo amin'ny fampandehanan-draharahan'ny Minisitry dia napetraka ny «dépense transversale»-n'ny vola fanampiny, mitentina 142 Miliara Ariary eo, ka ny 82 Miliara Ariary dia natokana ho an'ny fampandehanan-draharaha fanampiny ho an'ny Minisitry misahana ny ara-tsosialy ary ny 60 Miliara Ariary dia ho an'ny sehatra hafa.

Misy fanomezana “poste budgétaire” vaovao miisa 6835 ho an'ny Minisitry, ka anisan'izany ny sehatra sosialy sy ny fandriam-pahalemana; 2500 ho an'ny Minisiteran'ny Fanabezam-pirenena; 2500 ho an'ny Minisiteran'ny Fahasalalam-bahoaka ary 300 ho an'ny Sekreteram-panjakana miadidy ny Zandarimariam-pirenena sns...

Nahitana fanitsiana ihany koa ny «Fonds Souverain, Nouveaux Projets d'Emergence». Nihena 16,8 Miliara Ariary ny «dépenses de solde» ary nihena 46,5 Miliara Ariary ny «dépenses d'interêt de la dette».

Raha eo amin'ny «répartition des moyens des Ministères et Institutions par secteur» dia nahitana fiakarana ny «dépense transversale et fonds Covid-19» amin'ity LFR 2021 ity izay mitentina 25,5% raha toa 22,7% izany tamin'ny LFI 2021, nidina ho 4,6% kosa eo amin'ny «Institution et Organe Constitutionnel» amin'ny LFR 2021 raha 4,8% izany tamin'ny LFI 2021. Eo amin'ny «sécurité et administration du territoire» dia nahitana fidinana 16,8% amin'ity LFR 2021 ity raha toa 18% izany tamin'ny LFI 2021. Eo amin'ny ara-tsosialy dia niakatra ho 30,6% amin'ny LFR 2021 raha 30,4% izany tamin'ny LFI 2021.

TAHIRIM-BOLAM-PANJAKANA (TRESOR)

Nitohy ny ezaka fanavaozana, toy ny fametrahana “Compte unique du Trésor” sy ny fanafoana ny “Comptes de commerce”, ka ny «recettes Ministérielles» rehetra dia hampidirina ao anatin'ny Tetibola daholo.

Misy araka izany ny fanaovana «guichet unique», izay hametrahana mpiasan'ny Tahirim-bolam-panjakana, ka tsy haharitra ela ny fandrotsahana ny «recettes» ao amin'ny kitampom-bolam-panjakana izay voaray amin'izy ireny. Amin'ny andro andraisana azy no tonga dia arotsaka ny vola voaray.

Raha momba ny «dettes intérieures» dia nihena be ny fandaniana. Ny fitantanana ny volam-panjakana no nahazoana izany satria nihena ny fandaniana izay aloa amin'ny «intérêt intérieur». Tamin'ny taona 2020 dia tsy naka «avance» tao amin'ny Banky Foibe raha toa naka foana isan-taona satria ny vola teo am-pelan-tànana dia voatantanana araka ny tokony ho izy ary nahafahana nampirina ny «intérêt» izay tokony haloa tany amin'ny Banky Foibe; 40 Miliara Ariary ny vola azo tamin'izany.

Ao anatin'izany ihany koa ny fandoavana ny «intérêt» any amin'ny «Bons du Trésor». Ny fametrahana ny fifaninanana ao anatin'izany izay apetraky ny Minisiteran'ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola; noho izany, mihena ho azy ny «intérêt des bons du Trésor». Izany hoe, raha 9% ny nanaovana ny «bon du Trésor» tamin'ny LFI 2021, nihena ho 6% izany amin'izao, ka nahafahana nampihena ny fandaniana.

Nisy fihenana kosa ny «financement d'emprunt extérieur» noho ny zava-nisy teto amin'ny firenena vokatry ny fihibohana, ka somary nahasarotra ny fifandraisana. Tsy tena nihena be anefa, fa nitohy ihany ny fifampiraharaha na teo aza izany. Voatery nahena ny «emprunt» satria tsy voaray tamin'ity taona ity, fa amin'ny taona 2022 ireo “finacement extérieur” vitsivitsy izay nanaovana “négociation” tamin'ny taona 2021.

Nisy FCR roa azo, ka ny iray natao “en devise”, fa ny iray natao Ariary. Rehefa nifandinika tamin'ny FMI tamin'ny faran'ny taona dia tsy nanaiky izy ireo, fa tsy maintsy atao mitovy daholo na ny FCR na ny FEC izay tsy maintsy natao «en devise» daholo.

Ny vola nomen'ny FMI dia nomena ny Banky Foibe, ka izy indray no mandefa izany any amin'ny Tahirim-bolam-panjakana.

Rehefa notombanana “en devise” daholo ny trosa rehetra dia tsy maintsy nojerena ny fanombanana izany tamin'ny faran'ny arakaraka ny “taux des changes” ka izay vao avadika ho Ariary. Mety hihena na hiakatra izany ny mari-bola aseho amin'ny Ariary.

Akoatra izay, misy fifanarahana efa miainga amin'izao taona 2021 izao. Tsy ho tafiditra amin'ity taona ity izany, fa amin'ny taona 2022. Misy kosa ny tamin'ny taona 2020, fa amin'ity taona 2021 ity vao tafiditra. Mitentina 442 Miliara izany fifanarahana izany tamin'ny taona 2020, ka hampidirina amin'ity taona 2021 ity.

Raha tena misy ny fitomboan'ny "financement en déficit" amin'ny alalan'ny famatsiam-bola avy any ivelany dia ireo fifanarahana tamin'ny taona 2020 no horaisina amin'ny taona 2021. Ny fanampian'ny FEC azo avy tamin'ny FMI dia mitentina 69 Tapitrisa Dolara indroa, ka ny iray efa azo ary ny iray kosa antenaina ho azo amin'ny faran'ity taona ity. Ny tontalin'izy ireo dia mitentina 526,3 Miliara Ariary.

"EQUILIBRE BUDGETAIRE":

Nambaran'ny teknisiana fa mifandanja tsara ny "équilibre budgétaire" satria mitovy tanteraka, hoy izy, ny "dépenses" sy ny "recettes".

Taorian'izay dia niroso tamin'ny fanamarihana ny mpivory.

FANAMARIHANA:

- Takiana ny tatitra ataon'ny Governemanta indroa isan-taona araka ny andininy faha-57-n'ny Lalàna Fehizoro laharana faha-2004-007 tamin'ny 26 Jolay 2004 mifehy ny Tetibolam-panjakana, ka ilàna ny fahatongavan'ny Minisitry ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola hanatrika ny asam-baomiera.
- Ny tetikasa goavana toy ny "projet emergent" dia tokony hisandrahaka manerana ny Nosy sy amin'ireo seha-pamokarana rehetra, fa tsy ny any Atsimo ihany.
- Tsy tafiditra ato amin'ity LFR ity ny fampiakarana ny tetibolan'ny Antenimierampirenena izay efa natolotr'Andriamatoa Kestoran'ny Antenimierampirenena an'ireo teknisianan'ny Minisiteran'ny Toekarena sy ny Fitatanam-bola mialoha ny sora-bola ilain'ny Antenimierampirenena, ka tsy maintsy irosoana ny fanaovana izany ato anatin'izao asam-baomiera izao.

Taorian'izany, niroso tamin'ny fametraham-panontaniana ny Solombavambahoaka.

FANONTANIANA SY VALIM-PANONTANIANA:

- 1- Nahoana no nihena ny "investissement public" raha mitaha amin'ny "investissement privé"?

Mihena ny «investissement public» satria rehefa mihena ny vola eo am-pelantànana dia mihena ihany koa ny fampiasana azy. Niakatra ny an'ny tsy miankina satria niverina avokoa ny asa aman-draharaha any ivelany, ka niezaka ny mpandraharaha malagasy hanatsara ny famokarana.

- 2- Nokajiana niaraka tamin'ny fitombon'ny mponina ve ny PIB tamin'ny taona 2019 ka hatramin'ny taona 2021?

Ny fikajiana ny PIB dia amin'ny ankapobeny ho an'i Madagasikara, fa tsy nokajiana isam-batan'olona. Ny «PIB/habitant» no ilana fikajiana ny isan'ny mponina.

- 3- Nahoana no nihena ny tetibola natokana ho an'ny Minisitery sasany kanefa niakatra ny an'ny hafa?

Nafindra aty amin'ny DT ireo NPE rehetra tany amin'ny Minisitery. Arakaraka ny tetikasa nahazo fanakatoavana avy amin'ny "Conseil" no hamatsian'ny Fanjakana Foibe ny Minisitery tsirairay.

- 4- Hita taratra eo amin'ny fiainana andavan'andro ve ny "inflation" ato amin'ny LFR?

Tsy ny vidin'entana iray na roa eny an-tseny no ikajiana ny "inflation", fa ny entana maromaro (panier de consommation) no ivoahan'ny kajy.

- 5- Efa nanao fanadihadiana ve ny Minisitery talohan'ny nanaovana ny LFR satria ny 80%-n'ny mponina dia tantsaha?

Tsy afaka nidina nanao fanadihadiana tany ambanivohitra ny Minisitery, fa tarehimarika ofisialy avy any amin'ny Minisitery sy ny sampandraharaha ary orinasa samihafa no iaingana.

- 6- Mikasika ny OGT dia misy elanelany 3 000 Miliara Ariary, inona no nandaniana izany?

Efa nivoatra io OGT io, ka 8 416 miliara Ariary no fitambaran'ny fandaniam-bola, fa tsy io 6 778 Miliara Ariary io intsony. Nisy ny ezaka natao, fa mandeha tsikelikely.

- 7- Avy aiza io "financement du déficit budgétaire" izay mitentina 3 715,1 Miliara Ariary io?

Mizara roa ny "Déficit":

- Ny ampahany lehibe amin'ny fampiasam-bola dia avy amin'ny famatsiam-bola ivelany;
- Misy ampahany avy amin'ny famatsiam-bola anatiny, toy ny Banky Foibe, ny "Bon de Trésor par Adjudication" ...

Tsara marihana ny fisian'ny programan'ny Fanjakana Malagasy iarahana amin'ny FMI izay hovatsian'ity farany amin'ny vola 69 Tapitrisa Dolara indroa hamenoana ny "déficit" amin'ity taona 2021 ity.

- 8- Azo lazaina ho "non performant" ve ny Minisitery miadana amin'ny fampiasana ny Tetibolany?

Hatramin'ny taona 2020 dia nanamarika ny fampiasam-bolam-panjakana ny fisalasalana noho izao zava-misy izao. Noho izany, "mesure prudentielle" no natao hahafahana mijery ny lalana tsaratsara kokoa hampiasana ny vola, ka izany no nanangonana "au niveau transversal", ka arakaraka ny tetikasa arosan'ny Minisitery tsirairay avy no hamatsiana izany araka ny tapaka tamin'ny Filankevitry ny Minisitry.

9- Azo atao amin'ny teny malagasy ve ny volavolan-dalàna mba ho azon'ny rehetra, indrindra ny any ambanivohitra?

Misy dika amin'ny teny malagasy tokoa ity volavolan-dalàna ity, ka hezahina ny hanaparitaka izany.

10- Tsy miteraka fifangaroana ve ny fanovàna ny TMP ho IMP?

Efa voalaza ao amin'ny Fehezan-dalàna momba ny Hetra ny TMP. Tsy niova ny taha, fa ny anarana fotsiny no niova.

11- Mieritreritra ny hahavita mihoatra ny 10% ve isika amin'ny "taux de pression fiscale"?

Tsy maintsy manana hambom-po isika mba hahafahana mampiakatra azy io mba hitoviantsika amin'ny firenena Afrikana maro. Ny fampivelarana ny mpandoa hetra no ahafahana mampiakatra azy. Ezahina amin'izany ny fampidirana ny sehatra tsy ara-dalàna ho lasa ara-dalàna.

12- Mifanaraka amin'ny tetiandrom-pambolena ve ny tetiandro fandoavan-ketra?

Ezahina hatao ny hisian'ny hetra "forfaitaire" ho an'ny tantsaha izay hampiharina amin'ny taona 2022. Efa nanomboka tamin'ny taona 2020 ny fanadihadiana.

13- Azo atao amin'ny karazana finday rehetra ve ny "hetra phone"?

Azo atao amin'ny karazana finday rehetra izy io.

14- Inona daholo ny fifanarahana miteraka «harmonisation de Code Douanier» eto Madagasikatra?

Ny «Code Douanier» dia tao amin'ny «Code Douanier Français» no niaingana, ho an'ny Fadintseranana malagasy dia ny «régime économique»- n'ny COMESA no nalaina satria io no manakaiky kokoa ny antsika.

15- Misy Politikam-panjakana ahafahana mameno io fahabangana amin'ny fampidiram-bolan'ny Fadintseranana io ve isika?

Amin'ny ankapobeny, tsy dia nahitam-pidinana be ny fampidiram-bola amin'ny «barrière tarifaire», fa mba hananantsika tombony kokoa dia atao izay ifehezana ny fanaraha-maso ny lalam-barotra.

16- Efa misy fepetra noraisina ve mikasika ireo entana lany daty na tsy fantatra izay toerana niaviany miditra eto Madagasikara izay mety hanimba ny fahasalamana sy miteraka fifaninanana tsy ara-dalàna?

Misy ny «consommabilité»-n'ny entana avy any Minisiteran'ny Varotra sy ny Indostria vao mahazo ary efa misy ny vinavina fampitaovana ny seranan-tsambon'i Toamasina

mba hijerena tsara ny «analyse de conformité» fa tsy mifanipaka amin'ny fanapahan-kevitra raisin'ny Minisiteran'ny Varotra sy ny Industria anefa izany.

17- Ireo mpanafatra zezika ve mandoa haba?

Ny zezika sy ny vokatry azo avy amin'ny fambolena dia tsy mandoa haba daholo.

18- Hatraiza ny fetran'ny fanafoanana ny habantseranana?

Tsy manan-jo hanafoana ny habantseranana ny Tale Jeneralin'ny Fadintseranana, fa miankina amin'ny Filankevitry ny Minisitry ihany no mamaritra ny entana azo anaovana fanafoanana ny habantseranana. Araka ny andininy faha-240 dia efa voafaritry ao daholo ny fanafoanana haba mifandraika amin'ny "utilité publique".

19- Ianareo ve mandray fepetra amin'ireo mpiasan'ny Fadintseranana manao kolikoly ireny sa mifampiaro?

Eny, misy tokoa ny Lalàna manasazy ireo mpanao kolikoly, misy aloha ny "audit", ka raha voaporofa izany dia misy ny "répression administrative" mifandraika amin'izany ary azo enjehina eo anivon'ny Fitarana koa raha tena voamarina fa meloka ny olona nanao izany.

20- Raha ohatra misy olon-tsotra mahita vaovao dia afaka mampita mivantana any amin'ny "Direction des Douanes" ve izy?

Afaka manao "dénonciation" tokoa ny olon-tsotra ary mandray ny andraikiny ny "La Douane" manoloana izany. Isaorana mialoha ary raisina an-tànan-droa raha misy hanao "denonciation".

21- Mba azo omena ve ny antsipiriany mikasika ny NPE?

Ny Minisitry voakasika no tokony manao ny famelabelarana mikasika izany any amin'ny "Conseil des Ministres" ary mizara ny "Note des Conseils" aty amin'ny Minisiteran'ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola.

22- Mifanaraka amin'ny filàn'ny vahoaka ve ny zavatra ataon'ny Fanjakana laharam-pamehana?

Natao laharam-pahamehana mihitsy ny lafiny sosialy sy ny fandriam-pahalemana.

23- Tara lava ny vatsim-pianaran'ireo mpianatry ny Anjerimanontolo sy ny mpandraharaha mampihodina ny Oniversite, inona ny mahatonga izany? Noho ny olana napetraky ny fihibohana tamin'ny taona 2020 no fototra nahatonga io olana goavana io tamin'ity taona ity.

24- Misy «note» ve manome alalana ny «caisse d'épargne» hampindram-bola ny «secteur privé»?

Lasa niova ny sata mifehy ny «caisse d'épargne» nanomboka ny taona 2019, ka izay no antony mahatonga azy afaka manao fampindramam-bola.

25- Ahoana ny mikasika ny «subvention Air Mad» fa mitarina izy ireo?

Tsy afaka manome «subvention» ho an'ny "Air Mad" ny Fanjakana malagasy satria mbola tsy nahazo fankatoavana ny «plan de relance».

26- Mikasika ny 12 Miliara Ariary ho an'ny Minisiteran'ny Mponina, hatao inona daholo ireo vola ireo?

Amin'ny fampiasana io vola 12 Miliara Ariary ho an'ny Minisiteran'ny Mponina io, ny 4 Miliara Ariary hamatsiana ny «Budget de fonctionnement», hanaovana «transfert»-n'ny sehatra tsy miankina. Hisy tokantrano hahazo "transfert monétaire direct" avy amin'ny Minisitera ihany koa. Ny 7,5 Miliara Ariary kosa hanaovana fampiasam-bola amin'ny sehatra sosialy.

27- Misy vola miditra amin'ny kitapom-bolam-panjakana ve amin'ireo zandary mikarama miambina orinasa tsy miankina?

Ankehitriny dia samy mitantana ny olombelony ny MDN sy ny SEG. Amin'ny alalan'ny AUGURE dia hisy fandrindrana ny fitantanany tahaka ny "Fonctionnaires" rehetra.

Taorian'izay dia niroso tamin'ny fandaniana isan'andiny ny volavolan-dalàna laharana faha-011/2021 tamin'ny 9 Jona 2021 «portant Loi de Finances Rectificative» ny Vaomieran'ny Fitantanam-bola sy ny Tetibola.

Famelabelarana ny antonantony: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

Andininy voalohany : lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

Andininy faha-2 : lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

Andininy faha-3 : lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

Andininy faha-4: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

Andininy faha-5: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

Andininy faha-6: lany nasiam-panitsiana sy nasiam-panovàna: manaraka ny fanambarana nataon'Andriamatoa Kestora Voalohany

Andininy faha-7: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

Andininy faha-8: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

Andininy faha-9: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

Andininy faha-10: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

Andininy faha-11: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

Andininy faha-12: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

Andininy faha-13: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

Andininy faha-14: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

Andininy faha-15: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

Andininy faha-16: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

Andininy faha-17: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

Andininy faha-18: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

Andininy faha-19: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

Andininy faha-20: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

Andininy faha-21: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

Andininy faha-22: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

Taorian'izay; niroso tamin'ny fandanina amin'ny ankapobeny ny Vaomiera.

Noho ny tsy fahatrarana ny fetr'isa ahazoana manapakevitra dia naato 30 minitra ny fivoriana mba hanajana ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena.

Nolanian'ny Vaomieran'ny Fitantanam-bola sy ny Tetibola tamin'ny endriny nasiam-panitsiana sy nasiam-panovàna ny Volavolan-dalàna laharana faha-011/2021 tamin'ny 9 Jona 2021 «portant Loi de Finances Rectificative», ka hoentina eny anivon'ny fivoriambe handraisana fanapahan-kevitra farany.

Nifarana ny Alatsinainy faha-28 Jona 2021 tamin'ny 7 ora sy 5 minitra, alina, ny fivoriana rehefa avy nisaotra ny mpivory Andriamatoa Filoha.

Taorian'izay, nomena fitenenana ny Solombavambahoaka raha misy fanamarihana na fanitsiana hataony momba ny tatitra novakiana teo.

Raha nomena fitenenana, Ramatoa JOHASY RAHARISOA Eléonore, nanamarika fa tsy misy taha (pourcentage) ny fanontaniana laharana faha-11 Inona no anton'izay.

Tsy mazava loatra koa ny tiana holazaina ao amin'ny fanontaniana faha-21 milaza hoe: miditra any amin'ny "Conseil des Ministres".

Ramatoa RASOAZANANERA Monique Ernestine kosa nanamarika, fa nahoana no tsy novakiana ny tovana atao amin'ny tatitra.

Taorian'izay, nomen-dRamatoa Filoha, fitenenana ny solotenan'ny Governemanta, ka nanambara Andriamatoa RANDRIAMANDRATO Richard, Minisitry ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola, fa misy fanitsiana maromaro amin'ny endriny ivelany (forme) sy ny endriny anaty (fond) raha ny tatitra teo no asiana teny, ka homeny ny teknisiana ny fanaovana izany.

Raha nandray fitenenana, Ramatoa RABARINIRINARISON Rindra, Sekretera Jeneralin'ny Minisiteran'ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola dia nitondra fanamarihana vitsivitsy; ohatra amin'izany, ao amin'ny pejy faha-2, misy ny anarana diso ka tokony hahitsy; ao amin'ny pejy faha-3, manao hoe; anelanelan'ny LFI sy LF; tsy LF no izy fa LFR. Eo amin'ny pejy faha-3 ihany manao hoe: nahatratara 4500 taonina; 4648 taonina no izy. Ao amin'ny pejy faha-4, manao hoe: taona 2021 noho ny fiakaran'ny vidin'entana; ...ny fiakaran'ny tinady no marina. Namabarany fa ahitana fahadisoana koa ao amin'ny pejy faha-5, faha-8, faha-10 ary faha-12 saingy hatolotra ny Mpampakateny ny fanitsiana rehetra.

Taorian'izay, nomena fitenenana Andriamatoa RANDRIAMANDRATO Richard, Minisitry ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola, ka toy izao no fandraisam-pitenenany: fisaorana ny rehetra tamin'ny faharetana tamin'ny fandinihana ny LFR 2021 satria goavana ny asa natao nadritrany fotoana lava.

Misy fandaminana ny fandinihana ny "loi de finances", ka fanomezan-dalana no ataon'ny Parlemanta amin'ny fampiasam-bola tokony hataon'ny Mpanatanteraka. Izany hoe, "faculté" no omena anay hanao ny fandaniam-bola. Raha adika tsotra, ny "faculté" tsy

midika hoe, “obligation”; tsy voatery holaniana daholo ny sora-bola voasoratra ato amin’ny “loi de finances” ary tsy azo atao ny mihoatra ny sora-bola fa mampigadra izany.

Ny Minisitra dia mitady ny fomba ahafahana miatrika ny fandaniem-bola ho an’ny taona iray. Izany hoe, mitady vola hampandehanana ny fiainam-pirenena. Izay no asako raha amin’ny ankapobeny. “Grand argentier” no iantsoana anay amin’izay fotoana izay. Raha lazaina amin’ny teny fohy, asa tena manahirana nosahanina.

Nekeko ampanetren-tena ny fanaovana ity asa ity raha nanendry ahy ny Filohampirenena, ka isaorako ny mpiara-miasa amiko satria izy ireo no miakrakira ny antontan’isa ahafahana mampandroso ny toekarentsika ka naseho tao anatin’ny tatitra teo izany.

Araka ny voalaza teo, mitady vola no asanay ary porofon’izany, azontsika ny FEC ary raha tsy nisy ny programanasa natolotra dia tsy nahazo izany isika. Efa inefatra no saika tapaka ny fifandrasantsika tamin’ny Mpamatsy vola (FMI), kanefa noho ny ezaka natao dia nanaiky nifampiraharaha tamintsika ihany izy ireo, toy ny BAD, BADEA. Tao antin’izay, tsy maintsy nifampiresaka tamin’ny FMI isika satria nisy nilaza fa tsy manana programanasa isika. Nahazo vola 69 Tapitrisa Dolara tamin’izay fifampiraharahana izay, ka efa zo ny “1^{ère} tranche” tamin’izany ary amin’ny volana Septambra 2021 izao no ho azo ny “2^e tranche” amin’izany vola izany.

Hisy ny tombana amin’ny volana septambra io hoe inona no nampiasana ny vola ary vita ve ny programanasa natolotra ny mpamatsy vola.

Amin’izay fampiasana vola izay ihany, misy ny fifanarahana amin’ny samy Malagasy ka amin’izao fotoana izao, efa misy ny “site” ahitana ny fampiasam-bola ataon’ny Minisiteran’ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola. Izany hoe, misy ny mangarahara amin’ny fitantanam-bolam-panjakana. Isika irery ihany no sahy nanao izany hatramin’ny nisian’ny fitondrana nifandimby teto amintsika. Izany hoe nanova fomba fiasa isika; ka lalan-tsaina hafa mihitsy no nitondrana ny famolavolana ity LFR 2021 ity araka ny toromarika avy tamin’Andriamatoa Filohampirenena sy ny Praiminisitra.

Tsinjonay mpikambana ato amin’ny Governemanta dieny mialoha ny ahiahinareo, ka saina tony no nitondrana ny fandrafetana ny LFR 2021 ity. Misy milaza fa ho voamarina tsara ve ny fandaniem-bola hataontsika amin’ity taona ity ary afaka miasa ara-dalàna koa ve ny Governemanta hatramin’ny faran’ny taona 2021 ho avy izao raha ny zava-misy no jerena.

Raha tamin’ny asam-baomiera nandiniana ity LFR 2021 ity, hita fa sarotiny tokoa ny mpikambana tao amin’ny Vaomieran’ny Fitantanam-bola sy ny Tetibola noho ny tsy fahatongavan’ny Minisitra nanatrika izany satria nisy andraikitra hafa tsy maintsy notontosaina.

Nivory niaraka tamin’ireo mpamatsy vola ny tenako ka izay no antony, noho izany, mitondra ny fialan-tsiny aminareo. Tamin’izany fiaraha-midinika tamin’ny “bailleurs de fonds” izany no nahafahantsika nahazo vola mitentina 75 Tapitrisa Dolara. Saika tsy azo izany, kanefa nanao ezaka isika nandresy lahatra azy ireo mba tsy hahatapaka ny fifandrasiana amin’ny FMI sy ny “Banque Mondiale”. Vola entina miady amin’ny valan’aretina “covid-19” no nifampiraharaha tamin’izany satria, fantatsika fa efa misy koa ankehitriny ny “variant” hafa miseho raha io valan’aretina io no resahana.

Eo anatrehan'izany, mitohy ny ady ary tsy vitavita foana ny fandrafetana ny "Loi de Finances" sady tsy atao andrakandrana ihany koa satria tsy maintsy atao izay iantohana ny fampiasam-bolam-panjakana. Araka ny teninay teo aloha, "vote de faculté" no atao obligation", ka noho izany, manainga anareo Solombavambahoaka mba hifidy an'ity Tetibola nasiam-panitsiana, taona 2021 ity na ny LFR 2021 ny tenako.

Raha ny tatitra indray no asiana teny, heverina fa feno izany na nisy aza ny fanamarihana natao tamin'izany.

Raha mikasika ny NPE na ny "Nouveau Projet Emergent", ity indray dia fomba iray entina manatanteraka ny Velirano nataon'ny Filohampirenena. Raha ny "projet", efa nisy Minisitera nanolotra izany, toy ny Minisiteran'ny Fanjariana ny Tany sy ny Asa Vaventy, Minisiteran'ny Kolotsaina, ny Minisiteran'ny Fanabeazam-pirenena. Hisy ny "Conseil des Minisitres" rahampitso Alarobia, ka ho hita eo izay Minisitera hahazo ny fampiasam-bola avy amin'io NPE io.

Raha ny sary aseho antsika amin'izao no jerena, maro ny tetikasa hatao any amin'ny Faritra Atsimo amin'ny alalan'io NPE io.

Izany hoe, raha ny fampandrosoana ny Faritra Atsimo dia tsy vitan'ny hoe "aide humanitaire" fotsiny fa tena fampandrosoana maharitra no katsahina sady tetikasa lavitrezaka mihitsy. Eo anatrehan'izay, tsy lavina ny fanomezana momba ny "aide humanitaire".

Toy izao ny ho endrikendriky ny fampandrosoana hatao any amin'ny Faritra Atsimo raha ny NPE no asiana teny fohy.

- Hisy ny famatsiana rano fisotro madio, hisy ny fanamboarana ny RN°13, hisy koa ny fametrahana "panneaux solaires" any Anosy sy Androy.
- Hisy ny fanamboarana ny "Centre de Réhabilitation Nutritionnelle et Médicale (CRNM)" izay handray an-tànana ny fianakaviana tena sahirana.
- Eo amin'ny lafiny ara-pahasalamana, hita fa misy ankohonana mbola miteraka maro, ka hotsinjavina izy ireo; ohatra amin'ny fanabeazana aizana. Izany hoe, hisy ny fanamboarana hopitaly.
- Hisy ihany koa fananganana "usine d'alimentation" sy sekoly, toy ny CEG, Lycée ho fanabeazana ny tanora.
- Momba ny fandriam-pahalemana, hapetraka ny fotodrafitrasa mikasika izany.
- Eo amin'ny fotodrafitrasa, hanorina biraon'ny Kaominina maromaro.
- Hisy koa ny fizarana "titre vert" ho an'ny vahoaka, ka tany mirefy 200 Ha no hozaraiana amin'izany.
- Raha eo amin'ny tontolo iainana kosa, hosorohana ny doro tanety ka hisy ny atao hoe "ceinture verte"; koa miangavy tolo-tànana avy amin'ny olom-boafidy mba ahafahana mampihena ny doro tanety.

Miasa ny fitondram-panjakana hanatanteraka ny Velirano nataon'ny Filohampirenena, koa miangavy ny hisian'ny fifankazahoana eo amintsika samy Malagasy. Aoka mba tsy hanaraka ny fifampihantsiana ataoan'ny sasany, fa andao hifanohana amin'ny fampandrosoana an'i Madagasikara.

Tsy maintsy mandroso i Madagasikara.

Fitiavana, Tanindrazana, Fandrosoana, izay no tarigetratsika.

Mankasitraka antsika rehetra.

Nisaotra an'Andriamatoa Minisitry tamin'ny fanazavana nentiny, Ramatoa Filoha, taorian'izay dia nomena fitenenana ny Solombavambahoaka.

Nambaran-dRamatoa JOHASY RAHARISOA Eléonore, fa tokony hanatrika ny asam-baomiera ny Minisitry ny Toekarena sy ny Vola raha ny LOLF no jerena; ary manambara izany fa "prévoit et autorise" raha atao amin'ny teny fohy araka ny voalazan'ny andininy amin'io LOLF io.

Marina ny voalaza teo hoe: "faculté n'est pas obligation". Aiza ny antony milaza momba ny fifanatrehana amin'ny Solombavambahoaka sy ny Mpanatanteraka, satria ny fanaoavana izany no ahafahana mitondra fanazavana sy tsy hisian'ny fifanitsahana andraikitra eo amin'ny roa tonta.

Andriamatoa RANDRIANANTENAINA Antonny José, kosa nametraka fa tokony homena lanja ny Antenimierampirenena satria niasa mafy tokoa ny Vaomiera ary heverina fa zava-dehibe ny fanitsiana nentiny tamin'ny tetibolan-panjakana. Eo anatrehan'izay, ny GPTIM dia manohana ny fanapahan-kevitra ny vaomiera.

Ramatoa RASOAZANANERA Monique nanontany hoe, inona no antony saika nahatapaka inefatra miatoana ny fifandraisana tamin'ny FMI.

Ramatoa RAHERIARIJAONA Régina Clarisse, kosa nisaotra an'Andriamatoa Filohampirenena satria nitsinjo ny vahoaka izy tamin'ity LFR ity noho ny fijerena ny ara-tsosialy. Nanontany koa ny tenany raha misy fiantraikany amin'ny fiainam-bahoaka ny fampiakarana ny tetibolan'ny Antenimierandoholona.

Raha nandray fitenenana, Andriamatoa RAHOLDINA Naivo Herinantsoina, nanamarika fa na ao anatin'ny ady atao amin'ny "covid-19" aza ny firenena, mandeha hatrany anefa ny asa fampanandrosoana. Izany hoe, misy ny fahaizana mitantana eo amin'ny mpitondra. Noho izany; hampandany ity LFR 2021 ity ny tenany.

Andriamatoa RASOLONJATOVO Honoré kosa nanontany momba ny fitazonana ny TVA ho 20% amin'ny "bodylon" amin'ity LFR 2021 ity. Inona no anton'izay satria fampiasa amin'ny andavan'andro io akora io kanefa lafo ny hetra alaina aminy. Hisy fanovàna ve ny TVA amin'ity LFR ity, tokony mba hidina 10% izany satria sahirana ny vahoaka Malagasy.

Ramatoa BAOFENO Micheline indray, nangataka ny hampiakarana ny Tetibolan'ny Ministeran'ny Fambolena satria "à vocation agricole" i Madagasikara; kely ny tetibolany raha ny fahatsapany azy, ka izay no nametrahany fanotaniana hoe, natao aiza ny vola rehefa nampidinina ny an'io Minisitry io.

Andriamatoa RASOLOMANANA Beby Olivier, kosa mbola nanamafy ny voalaza he tokony hampiakarina ny Tetibolan'io Minisitry io satria tsy ampy ny tohadrano hampitombo ny voka-bary. Ampio ko ny an'ny Ministeran'ny Fahasalalamam-bahoaka, satria tokony ho maimaimpona ny fitsaboana any amin'ny CSB.

Nanamarika Andriamatoa RAFIDIMANANA Narson, raha nomena fitenenana, fa mbola atao ny ady amin'ny "covid-19" kanefa fotodrafitrasa no atao, inona no laharam-pahamehana ho

an'ny fitondrana. Ampitomboy ny tetibolan'ny Minisiteran'ny Famobolena raha azo atao satria ny sakafo no mahamaika ny vahoaka.

Andriamatoa DINAH Romual, raha nomena fitenenana, nanamarika fa ny Solombavambahoaka no akaiky ny vahoaka; noho izany izy ireo no mahalala ny laharama-pahamehana, miala vola ampaosy izy amin'ny fanampiana ny vahoaka. Miangavy ny hijerena miaraka ny laharam-pahamehana amin'ny LFI 2022, toy ny resaka fambolem-bary sy ny fahasalamana. Izany hoe, ilaina ny fampitomboana ny tetibola misahana ireo lafiny ireo. Tahak'izany koa ny an'ny Solombavambahoakan'i Manakara.

Andriamatoa VONINAHITSY Jean Eugène kosa nanamarika fa tokony hisy tetibola miavaka entina miady amin'ny "covid-19" tamin'ny LFR ity. Izany hoe, tokony nalefa mialoha ny fanitsiana mba ahafahana mandinika azy tsara, ary mety tamin'izay fotoana izay no nahafahana nampiditra an'io tetibola io. Izany hoe, mila ovaina ny fomba fiasa, indrindra rehefa handinika ny tetibola nasaima-panitsiana toy izao.

Nisy Solombavambahoaka maromaro nitovy fomba fijery amin'ny tokony handaniana ny LFR 2021 satria mbola hisy ny fametraham-panontaniana hatao amin'ny mpikambana ao amin'ny Governemanta afaka andro vitsy, ka amin'izany no hapetraka ny fanontaniana mifandraika amin'izay.

Andriamatoa RANDRIAMANDRATO Richard, Minisitry ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola raha namaly dia nilaza fa nisy fanitsiana tamin'ity LFR 2021 ity. Izany hoe, "référéncé" tamin'ny LFI no natao ka tsy tokony hatao ambaninjavatra satria na ny Filohampirenana aza manontany ny asa izay ataonay. Tsy hanavakavahana vahoaka ny raharaha politika raha ny toetra mendrika ananan'ny Filohampirenana, tsy maintsy anaovana asa avokoa ny Distrika rehetra sy ny vahoaka na ny Solombavambahoaka ao aminy. Misy fanazavana hentitra momba ny fifandraisana amin'ny FMI ka tsy tokony hatao tandrametaka, raisina ohatra amin'izany ny zava-misy eo amin'ny JIRAMA izay ilaina programa matotra tokoa. Toarak'izany koa ny olana eo amin'ny resaka volamena izay tsy mora saingy mila kajikajy tsy maintsy hatao ao anatin'izany. Tsy maintsy manao ezaka goavana isika, mba ahazoantsika vola mihoatra lavitra amin'ny tokony ho azontsika.

Raha ny momba ny fanafoanana ny Antenimierandoholona, tsy mbola fotoany izao satria manana ny fahendreny ny Filohampirenana mametraka ny hasin'izany Antenimiera izany, eo ihany koa ny ireo mpiasa maro dia maro miasa ao.

Momba ny «carte Fanilo», mbola betsaka ny zavatra arahina momba izany satria miditra amin'ny antsoina hoe «dématérialisation» isika amin'izao fotoana izao hialana tsikelikely amin'ny fikirakirana lelavola.

Momba ny TVA, 20% amin'izao fotoana izao ny tatao amin'ny fifanakalozana rehetra ary azo lazaina fa io no anisan'ny mampiditra vola misimisy ao amin'ny kitapom-bolam-panjakana. Tafiditra amin'ity LFR izay dinihantsika eto ity izao ny momba ny NPE sy ny MAEP, niova ny «contexte» misy antsika amin'ity taona ity. Izany hoe, fanitsiana ny Tetibola no natao fa tsy mbola tonga amin'ny fanovàna goavana isika saingy manaraka ny tokony ho izy.

Mety ho amin'ny Tetibola 2022 no mety hisian'izay ka ny etỳ anivon'ny Governemanta no manao ny «réforme fondamentale» saingy afaka manampy tosika amin'izany ny Antenimierampirenena. Mbola mijanona ho 20% ihany koa ny TVA momba ny resaka savony, na vovony na efa «produits finis» izany.

Mikasika «relance économique poste covid-19», tsy maintsy hisy ny fifampiresahana amin'ireo mpiara-miombon'antoka izay manampy tosika antsika ka tsy maintsy mametraka ny «redevabilité» amin'izy ireo isika.

Raha ny resaka Fiompiana sy Fambolena ary ny Jono, nisy ny fandaminana napetraka fa tsy nihena no sady tsy nitombo ny Tetibola mikasika izany satria azo lazaina fa «doubler» mihitsy aza ny NPE ao amin'io Minisitery io.

Mikasika ny Tetibolan'ny Tanora sy ny fanatanjahatena, tsy mitovy amin'ny Minisitery ny Fahasalamana sy ny Fampianarana fa samy manana ny azy. Ho diso isika raha toa mikajy izany amin'ny alalan'ny isan-jato satria eo amin'ny 0,5% amin'ny Tetibolan'ny Minisitery roa ireo ny azy; na izany aza, manao ezaka ny Filohampirenena manohana hatrany ny Tanora. Ho anareo Solombavambahoaka manana finiavana hampandroso ny Distrika misy anareo, ampiasao ny CIAD na ny CLD teo aloha araka izay hitanareo fa mety hampihiratra ny faritra misy anareo.

Momba ny DEFIS, mbola misy fikorontanana kely manahirana eo amin'ny lafiny fikajiana ny vola satria anisan'ny Governemanta sarotony amin'ny fitantanam-bola no misy amin'izao fotoana izao. Miaina amin'ny lafiny politika sy teknika isika ka tsy maintsy mametraka ny fomba fiasa mendrika tsy ho toy ny teo aloha.

Soro-pady ny fahasalamam-bahoaka, angamba ny Minisitery tomponandraikitra no afaka manome valiteny mazava momba ny vaksiny hiatrehana an'ity valan'aretina maneran-tany ity. Fanazavana tsotra no entiko, tsy atao andrakandrana ny fanaovana azy io satria safidy ihany koa ny fahasalamana fa tsy ny vaksiny fotsiny ihany, ary misy fifampitaizana ao anatin'izany rehetra izany ka manentana antsika aho hampiasa ny CVO izay azo lazaina hoe natoraly.

Rehefa izany, nisaotra an'Andrimatoa Minisitry sy ny Solombavambahoaka tamin'ny fandraisam-pitenenana nataony avy, Ramatoa Filoha ary nanambara fa hiroso amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra mikasika ny volavolan-dalàna laharana faha-011/2021 tamin'ny 9 Jona 2021 **«portant Loi de Finances Rectificative»** ny mpivory.

Nambarany koa fa miisa 86 ny Solombavambahoaka manatrika izao fivoriambe izao.

Taorian'izay niroso tamin'ny fandraisana fanapahan-kevitra isan'andiny ny mpivory.

Famelabelarana ny antoantony: nolanian'ny Vaomiera tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna:

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 88 no nandany; tsy nisy nitsipaka, iray no tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha fa lany ny Famelabelarana ny antoantony.

I- FEPETRA MIKASIKA NY HETRA (DISPOSITIONS FISCALES)

Andininy voalohany: nolanian'ny Vaomiera tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna:

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 87 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha fa lany ny andininy voalohany.

Andininy faha-2: fehezan-dalàna ankapobe momba ny hetra (CODE GENERAL DES IMPOTS) nolanian'ny Vaomiera tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 86 no nandany; iray no nitsipaka; tsy nisy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha fa lany ny andininy faha-2.

Andininy faha-3: Fadintseranana (DOUANES)

nolanian'ny Vaomiera tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 85 no nandany; tsy nisy nitsipaka; tsy nisy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha fa lany ny andininy faha-3.

II-FIFANDANJANA ANKAPOBEN'NY VOLAVOLAN-DALANA MOMBA NY LALANAN'NY FITANTANAM-BOLAM-PANJAKANA NASIAM-PANITSIANA HO AMIN'NY TAONA 2020 (II-EQUILIBRE GENERAL DU PROJET DE LA LOI PORTANT LOI DE FINANCE RECTIFICATIVE POUR 2021)

Andininy faha-4: nolanian'ny Vaomiera tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 85 no nandany; tsy nisy nitsipaka; tsy nisy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha fa lany ny andininy faha-4.

Andininy faha-5: Entimanan'ny Minisitera sy ireo fandaniem-pamokarana (moyens des Ministères et les autres dépenses affectées).

Nolanian'ny Vaomiera tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 87 no nandany; tsy nisy nitsipaka; iray no tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha fa lany ny andininy faha-5.

Andininy faha-6: Fitsinjarana isakin'ireo Minisitera sy Andrim-panjakana ary ny zanabolan-trosa (Repartition par Institution et Ministères).

Nolanian'ny Vaomiera nasiam-panitsiana sy nasiam-panovàna.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 87 no nandany; tsy nisy nitsipaka; tsy nisy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha fa lany ny andininy faha-6, nasiam-panitsiana sy nasiam-panovàna.

Andininy faha-7: Fampiasam-bolampanjakana sy ny vola notrosaina fanampiana avy any ivelany (Dépenses d'investissement, Emprunts et Subvention extérieure).

Nolanian'ny Vaomiera tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 86 no nandany; tsy nisy nitsipaka; iray no tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha fa lany ny andininy faha-7.

Andininy faha-8: ho fandaniana ho amin'ny famokarana (Dépenses d'investissement).

Nolanian'ny Vaomiera tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 86 no nandany; iray no nitsipaka; tsy nisy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha fa lany ny andininy faha-8.

Andininy faha-9: Tetibola anankina an'ny Paositra sy Fifandraisan-davitra (Budget Annexe des Postes et Télécommunications).

Nolanian'ny Vaomiera tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 87 no nandany; iray no nitsipaka; roa no tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha fa lany ny andininy faha-9.

Andininy faha-10: Tetibola anankina an'ny Tranom-printim-pirenena (Budget Annexe de l'Imprimerie Nationale).

Nolanian'ny Vaomiera tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 88 no nandany; tsy nisy nitsipaka; iray no tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha fa lany ny andininy faha-10.

Andininy faha-11: Ny fampiasana ny Kaonty manokana ny Tahirim-bolam-Panjakàna (Les opérations des Comptes Particuliers du Trésor).

Nolanian'ny Vaomiera tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 89 no nandany; tsy nisy nitsipaka; roa no tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha fa lany ny andininy faha-11.

Andininy faha-12: fanomezam-bola mialoha (avances, prêts et participations).

Nolanian'ny Vaomiera tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 89 no nandany; tsy nisy nitsipaka; roa no tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha fa lany ny andininy faha-12.

Andininy faha-13: Ny fampiasana ny vola vidin'entana (Les opérations génératrices de Fonds de Contre-Valeur et assimilées).

Nolanian'ny Vaomiera tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 85 no nandany; tsy nisy nitsipaka; iray no tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha fa lany ny andininy faha-13.

Andininy faha-14: Ny vinavinan'ny kirakira momba ny trosam-panjakàna (prévisions des opérations de la dette publique).

Nolanian'ny Vaomiera tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 86 no nandany; tsy nisy nitsipaka; roa no tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha fa lany ny andininy faha-14.

Andininy faha-15: fifandanjana momba ny volavolan-dalàna momba ny lalàna mifehy ny fitantanam bolam-panjakàna nasiam-panitsiana ho amin'ny taona 2021 (conditions générales d'équilibre du présent projet de Loi de Finances Rectificative pour 2021).

Nolanian'ny Vaomiera tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 87 no nandany; tsy nisy nitsipaka; iray no tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha fa lany ny andininy faha-15.

III- FEPETRA MANOKANA (DISPOSITIONS SPECIALES)

Andininy faha-16: fepetra manokana (Dispositions Speciales)

Nolanian'ny Vaomiera tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 87 no nandany; iray no nitsipaka; iray no tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha fa lany ny andininy faha-16.

Andininy faha-17: Fanomezandalana ny famindrana ny ambim-bava ao amin'ny tahirimpirenena momba ny fiahiana ara-tsosialy sy ny tahiry fisotrandronono sivily sy miaramila (autorisation de transfert de l'excédent entre la Caisse de Prévoyance et de Retraite (CPR) et la Caisse de Retraites Civiles et Militaires)

Nolanian'ny Vaomiera tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 87 no nandany; tsy nisy nitsipaka; iray no tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha fa lany ny andininy faha-17.

Andininy faha-18: Fanomezan-dalana ny fandraisan'ny sampandraharahan'ny fandrefesantany handray ireo saran'ny fikarakarana ny antontan-taratasin'ny fandrefesantany (autorisation de perception par les services topographiques des frais de traitement des dossiers topographiques)

Nolanian'ny Vaomiera tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 87 no nandany; tsy nisy nitsipaka; telo no tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha fa lany ny andininy faha-18.

Andininy faha-19: Le Trésor public est autorisé à percevoir des primes sur l'émission des différents titres d'emprunt intérieur.

Nolanian'ny Vaomiera tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 83 no nandany; tsy nisy nitsipaka; telo no tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha fa lany ny andininy faha-19.

Andininy faha-20: Ny Banky Foiben'i Madagasikara dia manome alalana hanaiky ny rosombola ao amin'ny tahirim-bolampanjakana ho amin'ny taona 2021 (La Banky Foiben'i Madagasikara est autorisée à accorder des Avances au Trésor au titre de l'année 2021).

Nolanian'ny Vaomiera tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 85 no nandany; tsy nisy nitsipaka; roa no tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha fa lany ny andininy faha-20.

Andininy faha-21: fetran'ny Findramam-bola (Plafond d'endettement).

Nolanian'ny Vaomiera tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 86 no nandany; iray no nitsipaka; roa no tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha fa lany ny andininy faha-21.

Andininy faha-22: Famoahana ny Lalàna ao amin'ny Gazetim-panjakana (Publication au Journal Officiel de la République).

Nolanian'ny Vaomiera tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 82 no nandany; tsy nisy nitsipaka; iray no tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha fa lany ny andininy faha-22.

Talohan'ny nirosoana tamin'ny fandraisana fanapahan-kevitra ankapobeny, nomen-dRamatoa Filoha, fitenenana Andriamatoa HENRI Jean Michel, Kestora Voalohany satria nanan-kambara ny tenany. Toy izao no nambarany tamin'izany:

Ny andraisana fitenenana manoloana anareo dia hita fa lany teo ny andininy faha-6 nasiam-panitsiana sy nasiam-panovàna amin'io "tableau de repartition par institution et Ministères" io. Ny asam-baomiera no nanapaka an'iny ary nolaniahana teto amin'ny fivoriambe ihany koa. Ny tsara homarihana, indrindra ho antsika Solombavambahoaka dia nanao fivoriana isika teo ary nisy ny fijerena ny tombotsoa ambonin'ny Firenena iombonana. Raha tsy Andriamatoa Minisitra no teo amin'ny toerana misy azy dia ho sarotra ihany ny nampandeha ity tanindrazantsika ity, satria izy no nitady vola, ka isaorana azy izany.

Mahay mitady vola ianao ka afaka niasa ny fitondram-panjakana ary ny Antenimierampirenena koa manana ny "stabilité"-ny. Milamina ny "majorité parlementaire" ato amin'ny Antenimierampirenena ka izay koa no mampilamina ny asantsika any amin'ny Mpanatanteraka; na izany aza, tiako hotsindriana ihany, fa misy ny zavatra tsy azo ivalozana amin'ity «version amendée» ity. Ny zavatra hafa azo leferina, fa misy zavatra tsy azo leferina kosa. Sahalan'ny karama izao dia azo jerena izany. Koa mangataka anareo rahampitso maraina, indrindra ny teknisiana mba ahafahantsika mi-"compresser"-n'ny karama nataonay ato amin'ity "version amendée" ity; toy izay koa ny "carburant" sy ny zavatra hafa tokony hiarahana mijery rahampitso maraina.

Rehefa izany, mba ahafahana mitondra izay "version amendée" izay any amin'ny "Sénat" satria tsy maintsy mandala an'ity zavatra ity. Koa izay no ampahafantarina antsika namana Solombavambahoaka, hanova an'ity isika. Ny antony itenenana izany, raha noana ny kibo, mivezivezy ny fanahy. Raha mivezivezy ny fanahintsika Solombavambahoaka dia tsy hisy filaminana eto amin'ny firenena satria tiantsika ny hanana an'izay "stabilité institutionnelle" izay, ka hilamina ny fiaraha-miasa. Koa mangataka ny fahatsoram-ponareo ao amin'ny Minisiteran'ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola mba hampisy an'izay zavatra izay. Izaho tsy te-hampahatsiahy ny resaka momba ny LFI 2021 intsony, fa tamin'iny dia nolazaina hoe: fidio aloha ity LFI ity fa amin'ny LFR no hahitana azy. Tonga amin'ny fanaovana ny LFR 2021 isika izao, ka heverina fa tokony hisy "comprehension reciproque" mba ahafahantsika miroso bebe kokoa amin'ny fandaniana sy amin'ny fiaraha-miasa amin'ity zavatra ity.

Rehefa izany, nangataka fitenenana, Andriamatoa VELONTSARA Paul Bert ary nanambara fa manamafy ny voalazan'Andriamatoa HENRI Jean Michel, Kestora Voalohany teo hoe, anjaran'Andriamatoa Kestora Voalohany sy ny teknisian'ny Minisiteran'ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola no hijery sy handamina ny momba izany rahampitso.

Taorian'izay, nambaran-dRamatoa Filoha, fa hiroso amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra ankapobeny ny mpivory. Nambarany koa fa amin'izao fandraisana fanapahan-kevitra izao dia ny andininy faha-48 ao amin'ny Lalàna Fehizoro laharana faha-2004-007 mikasika ny Lalàna mifehy ny Fitantanam-bolam-panjakana no ampiharina.

Ny andininy faha-48 ao amin'ny Lalàna Fehizoro laharana faha-2004-007 mifehy ny Fitantanam-bolam-panjakana dia mamaritra ny fomba arahina amin'ny fandaniana ny Tetibolam-panjakana, koa ezahana ny hanaraka izany antsakany sy andavany.

Momba toman'ezaky ny fidiram-bola sy ny tetibola ankapoben'ny Fanjakana (Equilibre Général du projet Loi portant Loi de Finances Rectificative pour 2021) (andininy faha-4 ao amin'ny votoatin'ny volavolan-dalàna, hita ao amin'ny "TOME II", ny antsipiriany)

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 87 no nandany; tsy nisy nitsipaka; roa no tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha fa lany ny «Equilibre Général du projet Loi portant Loi de Finances Rectificative pour 2021».

Momba ny toman'ezaky ny loharano sy ny fandaniana ny vola kirakira (moyens des Ministères et les autres dépenses affectées) (andininy faha-5 ao amin'ny votoatin'ny volavolan-dalàna, hita ao amin'ny "TOME II", ny antsipiriany)

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 87 no nandany; tsy nisy nitsipaka; roa no tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha fa lany ny «moyens des Ministères et les autres dépenses affectées».

Momba ny fitambaran'ny iraka eo anivon'ny Minisitera rehetra (Repartition par Institution et Ministères) (andininy faha-6 ao amin'ny votoatin'ny volavolan-dalàna, hita ao amin'ny "TOME II", ny antsipiriany): nasiam-panitsiana sy nasiam-panovàna

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 87 no nandany; iray no nitsipaka; roa no tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha fa lany ny «Repartition par Institution et Ministères»

Momba ny sora-bolan'ny tetibola anankina sy ny kaonty manokan'ny tahirim-bolam-panjakana (Budget Annexe des Postes et Télécommunications, Budget Annexe de l'Imprimerie Nationale, Les opérations des Comptes Particuliers du Trésor) (andininy faha-9,10,11 ao amin'ny votoatin'ny volavolan-dalàna)

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 84 no nandany; iray no nitsipaka; iray no tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha fa lany ny sora-bolan'ny tetibola anankina sy ny kaonty manokan'ny tahirim-bolam-panjakana.

Rehefa izany, niroso tamin'ny fandraisana fanapahan-kevitra ankapobeny momba ny Volavolan-dalàna laharana faha-011/2021 tamin'ny 9 Jona 2021 «**portant Loi de Finances Rectificative, pour 2021**» ny mpivory.

Ny andininy faha-90 ao amin'ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena no ampiharina, hoy Ramatoa Filoha.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 87 no nandany; tsy nisy nitsipaka; roa no tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha fa lany ny Volavolan-dalàna laharana faha-011/2021 momba ny Lalàna mifehy ny Fitantanam-bolam-panjakana, nasiam-panitsiana, taona 2021.

Fisaorana ny Solombavambahoaka tamin'ny fandaniana ny volavolan-dalàna no nataon'Andriamatoa RANDRIAMANDRATO Richard, Minisitry ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola rehefa nomena fitenenana izy ary heverina fa lava tokoa ny fotoana niarahana teto kanefa samy niaritra hatramin'ny farany ny rehetra.

Nomarihany koa fa hojerena ny fandika ny volavolan-dalàna amin'ny teny Malagasy. Lany teto amin'ny Antenimierampirenena ny LFR, mbola handalo any amin'ny "Sénat" sy any amin'ny HCC koa; izany hoe ho lava ny lalana halehany.

Fisaorana an'Andriamatoa Minisitra sy ny teknisiana tamin'ny fiaraha-midinika sy ny fanomezam-panazavana mikasika ny volavolan-dalàna ary fankasitrahana ny Solombavambahoaka no namehezan-dRamatoa Filoha ny teniny.

Talohan'ny hiatohan'ny fivoriana, nampahatsiahy Ramatoa Filoha, fa ny Alarobia faha-30 Jona 2021 amin'ny 9 ora, maraina, hisy ny asam-baomieran'ny Vaomieran'ny Lalàna, handinika ny volavolan-dalàna laharana faha-001-2020/PL tamin'ny 2 Jolay 2020 "modifiant, complétant et abrogeant certaines dispositions de la Loi n°2016-021 du 22 août 2016 sur les Pôles Anti-Corruption», natolotry ny Solombavambahoaka IDEALSON voafidy tao amin'ny Distrikan'AMPANIHY Ouest. (Deuxième lecture) (VIRTUELLE).

Ny Vaomieran'ny Fampianarana Ambaratonga Ambony sy ny Fikarohana Siantifika, handinika ny Volavolan-dalàna laharana faha-007-2020/PL "sur l'autonomie des Universités et des Etablissements Publics de l'Enseignement Supérieur et de la Recherche Scientifique, présentée par la Députée RASOAZANANERA Marie Monique Ernestine, élue à Ambositra». (Deuxième lecture) (VIRTUELLE).

Amin'ny 3 ora, tolak'andro, hisy fivoriambe handiniana sy andraisana fanapahan-kevitra mikasika ny volavolan-dalàna laharana faha-001-2020/PL tamin'ny 2 Jolay 2020 "modifiant, complétant et abrogeant certaines dispositions de la Loi n°2016-021 du 22 août 2016 sur les Pôles Anti-Corruption», natolotry ny Solombavambahoaka IDEALSON voafidy tao amin'ny Distrikan'AMPANIHY Ouest. (Deuxième lecture)

Niato tamin'ny 7 ora sy 55 minitra, alina, ny fivoriana rehefa avy nisaotra ny mpivory, Ramatoa Filoha.



 NY FILOHA

 RAZANAMAHASOA Christine Harijaona